Tetibolam-panjakana 2024 2

**Holaniana sahady eny amin'ny Antenimierampirenena anio**

Manakara 6

**Navitrika tamin'ny tolo-tanana ho an'i Dat'Kotry**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Jobotiy)

Alakamisy 30 novambra 2023 Laharana 1501 Vidiny : 600 Ar


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Tsy rariny any Toamasina 3

**Misy vahiny mandroaka ny Malagasy amin'ny taniny**

Ninia naka zom-pirenena Frantsay 3

# Rajoelina Vazaha tsy mila azy hitondra intsony ny maro




Sarintsarim-pifidianana toy ny tsy misy 2

# Mitombo ny manohitra ny vokatra hoy ny vondron'ny kandidà 11



Vondron'ny kandidà 11 Fianarantsoa 3

# Miantso ny HCC tsy hamoaka vokatra hiteraka krizy lalina



Mahazo ny sehatra rehetra ny krizy 2

# Tsy ho azo ihodivirana ny fifampidinihana



Mahabo, Morondava, Belo 6

**Mirongatra izay tsy izy ny asan-dahalo**

Fidirana amin'ny desambra 7

**Misy tolotra miavaka amin'ny Tranombarotra Baolai**

**Daka kely**

Be ny matoatoa nifidy ka tsy azon'ny camera sary ry Boaikely a !

SARINTSARIM-PIFIDIANANA TOY NY TSY MISY

# Mitombo ny manohitra ny vokatra hoy ny vondron'ny kandidà 11

"Grand complet", na hoe ao avokoa ireo vondron'ny kandidà 11 manohitra ny fifidianana filohampirenena natao amboletra teto amintsika ny 11 novambra lasa teo. Nivory tetsy amin'ny foiben-toeran'ny antoko HVM tetsy Andraharo izy ireo ny talata teo. Tsy nisy nipika ny dinika nikaton-trano, saingy fantatra fa nifanakalo hevitra sy nandinika ny mety ho tohin'ny tolona izy ireo. Amin'ireto kandidà ireto, toy ny tsy misy ny fifidianana natao teto amintsika iny, noho ireo tsy fahatomombanana maro hita, hitan'ny mpanara-maso teto an-toerana sy ny avy any ivelany koa. Avy teny Andraharo dia nihaona tamin'ny Vondrona Eoropeanina tetsy Ankorondrano ny vondron'ny kandidà 11. Tsy manaiky ny fifidianana, tsy manaiky ny valim-pifidianana ny vondron'ny kandida noho ireo tsy fahatomombanana mialoha sy nandritra ny fifidianana, ka tsy hanekena ny vokatra.
Nanatitra fehin-kevitra na "MEMORANDUM" manazava ny tsy fanarahan-dalàna nandritra ny zotram-pifidianana izy ireo. Natolotra ny Masoivohon'ny Vondrona Eoropeana eto amintsika, sy ny Ambasadaoron'ireo firenena sasany ao anatiny toa an'i Frantsa, Alemaina, Royaume Uni,… izany fehin-kevitra izany. Tsy ny lalàna malagasy ihany, fa maro ireo lalàna iraisam-pirenena izay efa nankatoavin'i Madagasikara, no tsy



*Ny vondron'ny kandidà 11 teny Ankorondrano.*

voahaja nandritra iny saritsarim-pifidianana iny, hoy ny Collectif des candidats. Tsy ny kandidà 11 intsony hoy izy ireo no manohitra iny fifidianana iny sy ny vokatra, fa sokajin'olona maro samy hafa eto amin'ny firenena mihitsy: fiarahamonim-pirenena, ray aman-dreny ara-drazana, mpanao politika, sendikà, manam-pahaizana,… Noho izany, mitohy ny tolona ho fanafoanana iny sarintsarim-pifidianana iny sy ny vokany, hiseho amin'ny endriny hafa izany tolona.

***Isambilo***

Mahazo ny sehatra rehetra ny krizy

# Tsy ho azo ihodivirana ny fifampidinihana

Amam-bolana vitsy no efa nitakian'ny hery velona rehetra misy eto amin'ny Firenena, ny hanaovana fikaonandoham-pirenena hifandresen-dahatra momba izay tetikady sy marimaritra iraisana ho entina hivoahana amin'izao krizy tsy mitsahatra nahazo laka iainana eo amin'ny sehatra rehetra izao. Natao koa ny antso mba tsy ny vahiny na any amin'ny firenena any ivelany foana no hamahana ny olana ary ny Malagasy samy Malagasy no hamaha ny olana. Iaraha-mahita fa miziriziry mandà izany antso hanatanterahana fikaonandoham-pirenena izany ny eo amin'ny fitondrana, fa manao di-doha tsy miraharaha na inona na inona ka mizotra amin'ny làlana efa nofinidiny. Maro anefa ankehitriny no milaza fa tsy azo ihodivirana ny fifampidinihana, na Malagasy, na vahiny, mba hisian'ny filaminana maharitra eto amin'ny firenena, sy hamahana ireo krizy maro samy hafa, izay efa lalim-paka ireo avokoa. Efa nandritra ny efatra taona sy tapany izao no efa nanitsakitsaka ny Lalàmpanorenana, sy ireo lalàna velona manankery eto amin'ny Firenena ny fitondrana Andry Nirina Rajoelina. Nahazo vahana izany taorian'ny fametraham-pialàn'i Andry Nirina Rajoelina, rehefa neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny maha kandidà ho filoham-pirenena azy. Tsapa avy amin'io fanekena io, fa na dia ity Andrimpanjakana natao hiaro ny Lalàmpanorenana ity aza dia manitsakitsaka izany, satria tsy nanao fanadihadiana momba ilay taratasy nanamarina (certificat de nationalité) fa gasy i Andry Nirina Rajoelina, izay araka ny vaovao dia tsy ny avy ao amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany (Tribunal de Première Instance) no nanao sonia izany. Na izany na tsy izany ny Andininy 42 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia tsy mahazo milatsaka ho kandidà ny olona ninia nangataka zom-pirenena vahiny, fantatr'ity Andrimpanjakana ity tsara izany kanefa dia nodinganiny fotsiny izao. Fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana ihany koa ny tranga tsy fanajana ny arofenitra momba ny fametrahana ny filoha sy fifamindram-pahefana tao amin'ny Antenimierandoholona. Toy izany koa ny fizarana andraikitra eo amin'ny fitantanan-draharaha izay roa ny filoham-panjakana: ny jeneraly misotro rono "filohan"ny Antenimierandoholona", izay miandraikitra ny Filaminana, ary ny governemanta no miandraikitra ny fitantanana ny raharaham-panjakana. Tsy nahagaga loatra araka izany ny fisamborana sy fanagadrana olona izay midika fanitsakitsahana ny zon'olombelona, sy ny fahalalahana maneho hevitra sy fivezivezena an-kalalahana eto amin' ny Firenena, satria ilay jeneraly zandary misotro ronono nanampatra fahefana tamin'ny tetezamita, no nampiandraiketina ny fandriampahalemana. Ny tena zava-doza dia nialohan'ny fifidianana dia hitam-poko, hitampirenena ny nampiasan'ny mpanao fampielezankevitr'i Andry Nirina Rajoelina "kandidam-panjakana" ireo mpiasampanjakana sy ireo fitaovampanjakana, izay raha araka ny lalàna dia miteraka fanesorana an-daharana (disqualification) ny kandidà. Natao amboletra ny fanatanterahana ny fifidianana, kanefa tsy mbola miala any amin'ny toeran'ny nandatsaham-bato akory ny vata fandatsaham-bato dia efa namoahan' ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana eto Antananarivo vokatra sahady. Tsy vitan'izany fa samy manao fanisana ireo Andrimpanjakana misahana ny fifidianana (HCC-Ceni) ka ny an'iza amin'ireo no havoaka ho ofisialy? Etsy an-kilany dia nolavin'ny Ceni ny fampitahana ny vokatra (confrontation des résultats) tonga ao aminy, sy ny eny am-pelatanan'ny kandidà laharana faha-13. Rehefa mahatsiaro tena fa malemy izao fitondrana izao dia efa mamorona sarimihetsika, fa misy manamboninahitra ambony ao amin'ny tafika nikononkonona fanonganam-panjakana ary rehefa nandalo fampanoavana dia naiditra eny amin'ny fonjaben'i Tsiafahy. Hamoaka ny voka-pifidianana amin'ny fomba ofisialy hono ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Raha ny fironana amin'ny ankapobeny anefa dia toy ny tsy nisy iny fifidianana tamin'ny 16 novambra 2023 iny, satria be loatra ny tsy fahatomombanana sy ny tsy fanarahan-dalàna teo amin'ny fikarakarana sy fanatanterahana ary ny fikirakirana ny vokatra. Mbola tsy tara raha miara-manaiky fa tsy azo ihodivirana ny Antson'ny Vovonana iarahan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM ary ireo olobe sy raiamandreny ara-drazana sy ny fiarahamonim-pirenena ary ny Vondrona iraisam-pirenena hitsabo ny aretina mikiky ity Firenena ity. Lazain'ny mpitondra fa "adala" ireo rehetra mahatsiaro fa tsy mandeha amin'ny laoniny ny fitantanana ity Firenena ity. Tsy maintsy atao ao an-tsaina mandrakariva anefa fa ny adala ihany no milaza ny tenany ho hendry sy milaza ny hafa ho adala. Koa mitaky fitsaboana amin'ny aretina mikiky azy ny Firenena ary mila fitsaboana ny olona adala miridana tsy mahalala izay hahafaty azy. Ny hendry hono mody voky fa ny adala manesika ihany, kanefa amin'izao toe-draharaha misy eto amin'ny Firenena izao dia "tsy ho faly asian-dratsy" ny Malagasy ka tsy hanaiky ho andevozim-bazaha frantsay indray ary hifarimbona hamongotra ny viriosy naparitak'i Andry Nirina Rajoelina eto amin'ny Firenena.

***Andry Tsiavalona***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Mankany amin'ny fiharatsiana hatrany ny firenena

Tandindonin-doza tanteraka ny firenena ankehitriny mamarana izao volana novambra izao, sy miditra amin'ny volana farany amin'ity taona 2023 ity. Ankoatra ny efa fahapotehana amin'ny lafiny sosialy sy toekarena, dia manao ny ataony faran'izay zokiny ny lafiny politika, izay misintona tsy mitsahatra ny firenena hitsontsorika hatrany ho any amin'ny lavaka mangitsokitsoka faran'ny lalina. Vokatry ny nataon'ireo mihazom-pahefana ankehitriny eo amin'ny rafitra na andrim-panjakana eto amin'ny firenena no anton'izany. Izany hoe, ilay natao ho "môtera" hisintona ny firenena ka hanandratra azy indray, no nampilentika sy nanapotika azy. Dia iaraha-mahita ny tranga samihafa mamohehitra mampiteny ny moana atao eto amin'ity firenena ity nialoha sy nandritra ary izao aorian'ny fifidianana amboletra natao teo iny. Toetra sy fomba ratsy no aseho entina hitantanana ny firenena na dia mody takonana na afenina ao ambadiky ny lainga mandrotsirotsy aza izany. Iza anefa no tsy hahatakatra izany, fa ny bado sy kentrina ihany ary ireo manaiky hikimpy noho ny vola natampina ny masony, no tsy te hahalala sy manohitra izany.

Tsy hifarana io faharatsiana mitoetra ankehitriny io, fa mbola hitohy, satria hazo ratsy tsy hanome voa tsara velively. Ary fitenin'ny Malagasy ny hoe " vorondolo tsy hitera-boromanga velively". Ny zavatra azo tamin'ny tsy fahamarinana, tsy hiteraka soa velively amin'ny vahoaka sy ny firenena. Ny zava-misy, dia miezaka mafy mamahatra sy mamaka lalina amin'ny fomba rehetra, hatramin'ny herisetra mihitsy, ny mpandala ny tsy fahamarinana eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Hamoa-doza ho an'ny vahoaka izany ary hangeja sy hanamontsana azy mihitsy raha ny vinavinan'ny mpamakafaka ny raharaham-pirenena. Ny tena maha loza azy ihany koa dia mahita tsara sy miaina ny zava-misy manjo ny vahoaka sy ny firenena ireo tanora avara-pianarana ary vita fianarana. Maro no kivy ary feno hadisoam-panantenana amin'ny hoavin'ity firenena ity. Rehefa kivy ny amin'ny firenena izy ireo dia mikarodalana ho any ivelany avokoa. Ratsy ho an'ny firenena izany, satria izay ilay lazaina hatrany hoe "fuite de cerveau", ny mandositra ny manam-pahaizan'ny firenena, ka ny firenen'olon-kafa indray no hampiasany sy hampiharana ny fahaizana azony. Firenena hafa no lasa mahazo ilay tombontsoa avy aminy, fa tsy ilay Madagasikara nikolokolo sy nanabe azy ka tokony hanaovany valim-babena. Ratsy ho an'ny firenena izany, ary tsy noho ny inona fa nohon'ny ataon'izao mpihazom-pahefana eto amin'ny firenena izao. Tsy manabe ny tanora ho tia ny fireneny fa manao izay toetra tsy zaka. Mbola olana lehibe iray manjo an'i Madagasikara koa izany.

***Sôh'son***

Tetibolam-panjakana 2024

# Holaniana sahady eny amin'ny Antenimierampirenena anio

Holaniana sahady amin'ny alalan'ny fivoriana azon'ny be sy ny maro hatrehana anio eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza, ny volavolan'ny lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy 2024, nefa vao tamin'ny talata teo izany no tonga teny amin'ity andrimpanjakana ity. Arak'izany, ho atao amboletra fotsiny ny ho fandaniana ity tetibolam-panjakana ity, boky be misy pejy an-jatony, tsy ho voadiniky ny depiote amin'ny antsipiriany mandritra ny andro vitsy toy izao handaniana azy izao.
Arak'ity volavolana tetibolam-panjakana ity, vinavinaina hiakatra 4,5% ny tahan'ny harinkarena faobe eto amintsika amin' ny taona 2024. Araka ny fanazavana nomen'ny Minisitry ny Toekarena sy ny fitantanam-bola, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, lalan-tsaina telo lehibe no namolavolana ity tetibolam-panjakana ity, miorina amin'ny :
- fanohanana ny sosialy sy fanatsarana ny maha-olombelona ; ahitana fiakarana 341miliara Ariary ny tetibola eo amin'ny sehatry ny sosialy ho an'ny taona 2024, raha oharina amin'ny tetibolan'ny taona 2023.
- Fanohanana ireo sehatra tsy miankina amin'ny tetikasa sy ny seha-pamokarana, mba hisian'ny fahamarinan'ny fampiasam-bola : ahitana fiakarana 77 miliara Ariary ny teti-bola miohatra ny taona 2023.
- Fanamafisana ny fitantanana eny ifotony, amin'ny alalan'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fitantanana mangarahara : fampiakarana ho 16,66% ny tetibola natokana ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Vina- vinaina hiampy roa (02) ireo Faritra misy eto Madagasikara. Vinavinaina hiakatra 4,5% ihany koa ny tahan'ny harin-karena faobe amin'ny taona ho avy, raha 4% tamin'ity taona 2023 ity.

***Isambilo***

Ny Valosoa sy hadihady


## Ninia naka zom-pirenena Frantsay
# Rajoelina Vazaha, tsy mila azy hitondra intsony ny maro

Tsy mbola nisy vokapifidianana nivoaka tao anatin'ny herinandro, sahala amin'iny fifidianana filoham-pirenena natao ny 16 novambra 2023 iny, hatramin'izay nijoroan'ny Repoblika teto Madagasiakara izay. Hamoaka ny vokatra ofisialy ihany koa ny HCC, rafitra mpiaro ny Lalàmpanorenana. Namoaka tamin'ny haino aman-jery sy gazety an-tsoratra ny Ceni, fa lany vonjy maika tamin'ny salan'isa 58,95% i Andry Nirina Rajoelina izay mbola niteniteny indray, fa ho an'ny vahoaka Malagasy tsy an-kanavaka. Maro anefa amin'izao fotoana no tsy mila azy intsony, satria filoha Vazaha, kandidà ho filoha ninia ho Frantsay ka nanary avy hatrany ny zom-pirenena maha Malagasy azy. Raha ny nataon'i Andry Nirina Rajoelina teto amin'ny Firenena nandritra izay dimy taona nitondrany izay dia nampirorona ny fiainan'ny Malagasy no nataony. Fanandevozana no nisy teto, satria nampibaby trosa aman-jatony tapitrisa euros maro ny vahoaka Malagasy no nataony ary nampiroborobo ny toekarena frantsay. Iara-mahalala fa tsy misy hankasitraka sy hankatoa izay vokatry ny fifidianana hivoaka eo, satria tsy nizotra araka ny tokony ho izy ny fikarakarana izany, feno hosoka, tsy voasoratra ao anaty lisitry ny mpifidy na nisy tsy voasotra ao anaty lisitra kanefa nahazo nifidy ary nisy efa maty kanefa mbola voasoratra. Araka ny vaovao ihany koa dia nisy ankizy tsy ampy taona kanefa nanana karapanondrom-pirenena ary afaka nifidy ihany koa. Nivondrona ny kandidà folo nanohitra ny fizorana tamin'ny fifidianana raha tsy nadio ny kianja nilalaovana, sy nosoloina ny mpitsara na an-jorony na an-kianja na an-databatra. Nitsangana ihany koa ny Vovonana notarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ary ireo fikambanana isankarazany, nitaky ny hisian'ny fifanakalozana sy fifampidinihana nialohan'ny fifidianana kanefa dia natao bontolo ihany izany. Tsy vaovao eto amin'ny Firenena ny fandresen'ny kandidàm-panjakana tamin'ny salan'isa ambony dia ambony, kanefa nidaraboka volana vitsy taorian'ny nandraisany ny fitondrana. Tsy mitovy anefa ny vanim-potoana sy ny toe-draharaha iainana, satria tsy mbola nisy ninia naka ny zom-pirenena frantsay ny kandidà lany kanefa amin'ity indray mitoraka ity dia vazaha no hitantana ny Firenena. Azo inoana fa tsy hanaiky ho handevozina izany raha mbola olompirenena mahatsiaro tena ho tia ny Tanindazany sy ny mpiray firenena aminy. Fanjanahantany no tadiavin'i Andry Nirina Rajoelina haverina eto. Araka izany dia filohan'ny frantsay monina eto Madagasikara izy, fa tsy filohan'ny Malagasy fito ambiroapolo tapitrisa fara fahakeliny. Tsy mitsahatry ny mamahan-dalitra ny vahoaka sahirana sy nampahantrainy, satria tsy hampiova ny faripiainan'izy ireny velively ny koveta sy ny akanjo rebareba ary ny elobe, hany ka zary latsain'ny mpiarabelona ireo notambazana izany, fa ampy hitatazana ranomaso mandritra dimy taona ny koveta be azony. Nampanantenaina telo hetsy ariary koa ny olona nasaina nanao dika mitovy ny karapanondrony rehefa vita ny fifidianana kanefa dia filaharambe ny eny amin'ny foiben'ny TGV taoriana, satria tsy nisy nahazo ny vola nampanantenaina ireto gasy sahirana sy manaiky ho zanahana. Ny tsy fisiana tokoa hono mahazaka maniraka. Alohan'ny hizorana any amin'ny làlana mankany amin'ny tany malemy hanorenam-pangady dia tsy maintsy haverina ao an-tsaina hatrany ny volana sy kintana nampanantenain'ny mpanome toky, ka firy isan-jaton'izy ireny no notanterahiny. Karaman'ny orinasa mpanao làlana, tambikaraman'ny mpampianatra "vacataires" eny amin'ny Anjerimanontolo tsy voaloa, ny vatsim-pianaran'ny mpianatra eny amin'ny toeram-pianarana ambaratonga ambony miangona amam-bolana maro tsy voaray, sns… Araka izany tsy misy azo antenaina amin'i Andry Nirina Rajoelina vazaha, ankoatry ny fampihorohoroana sy fisamborana ary fanagadrana izay mitaky ny zony. Tsy maintsy tandroina hono ny filaminana mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana, kanefa tsy maintsy toherina koa ny famoretana amin'ny alàlan'ny fampiasan-kery sy fanamparam-pahefana, ka tsy maintsy mivondrona sy miray hina ny Malagasy tsy manaiky ho zanahina intsony.

***Andry Tsiavalona***

**Vondron'ny kandidà 11 Fianarantsoa**

# Miantso ny HCC tsy hamoaka vokatra hiteraka krizy lalina


*Ireo solontenan'ny Vondron'ny Kandidà 11 any Fianarantsoa.*

Toy ny tsy misy iny fifidianana filohampirenena vita teto amintsika tamin'ny 16 novambra iny, hoy ny solontenan'ny Vondron'ny Kandidà any Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony. Toy ny tsy misy koa arak'izany ny voka-pifidianana avy amin'izany. Nanao fanambarana ny solontenan'ny vondron'ny kandidà 11 ireo, sy ireo vondron'olona ary ny herivelona any Fianarantsoa manoloana ny fifidianana hosoka sy natao ambaletra teto Madagasikara iny. Miantso ny HCC izy ireo, mba tsy hamoaka ny vokatra izay mety hiteraka krizy lalina eto amin'ny firenena. Ankoatra izany, manohana ny ezaka fanelanelanana ataon' ny filohan'ny Antenimieram- pirenena Razanamahasoa Christine sy ny FFKM ny Hetsika Fotsy any amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony.

***Stefa***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

### Tsy rariny any Toamasina Misy vahiny mandroaka ny Malagasy amin'ny taniny



**Ignace Randriamamizafy :** mahasosotra mafy anakahy.
1- vaovao frantsay (france 2) no mamoaka, fa 10 miliara de dollars izay ny harena voahondrana antsokosoko niala teto Madagascar depuis 2009.
2- any Toamasina misy tsy rariny mihàtra amin'ny mponina: vahiny koreana no mandroaka ny malagasy amin ny tany sy tranony dia ataon'ny huissier sy mpitandro filaminana malagasy ny fandroahana. eto Madagascar ve dia koreana no mandroaka ny malagasy ? Tena tsy rariny sy tsy azo ekena !

**Ndrasana Rodolph :** tsy manalavitra ny fipoahana ara-tsosialy ny firenena fa mitandrema hianareo mpanao tsinontsinona Malagasy io, tsy hahaaro anareo reo Zandary reo izy ireo aza manala tenue.

**Blandie Voizy :** dia mbola misy ny tsy tonga saina, fa mbola manaiky afafy lainga. Mazava be : iza no ambadikany Koreana

**Daby Dinh Van :** fa angaha afaka mividy tany indray ny vahiny ?

**Jean Artinah Randriantina :** aoka hiray hina isika @ ady atrehana , hisikina mihintsy fa tsy hifamendrofendro anaty fb. Efa mibaribary toy ny vay ankandrina ny fanapotehana ny zò sy hasin'ny Malagasy. Mitsangana , mijoroa ho tena lehilahy.

**Richard Rafamantanantsoa :** tena tsy rariny sy tsy azo ekena na vahiny avy aiza, na avy aiza, fa tsy Koreana ihany no mandroaka ny Malagasy amin'ny tainy izany. Any Korea ve ny Koreana hanaiky hoesorin'ny Amerikana amin'ny tainy ohatra !

**Romain Bezokiny :** raha tsy rariny ataon'ny responsable à Tamatave mitsikombakomba amin'ny étranger mandroaka Malagasy amin'ny tany sy tranony izao.

**Hubert Rakotonaivo :** izao aza mbola karazan'ny tetezamita, voaroaka amin'ny taniny ny gasy, mainka fa hiakatra amin'ny fitondrana Rajoelina Vazaha, angamba dia tsy hifankahitana intsony ny ho tanin'ny Malagasy ho lasan'ny vahiny amin'ny tsy rariny, aza hitako, aza mahita ahy !

**TONONKALO**

## TSY MILA FILOHA VAZAHA

Filoha vazaha tsy azo ekena fa mihintsana avy hatrany,
Izay no andrasanay vahoaka ka dia tanteraho izany.
Aza asiana dika vilana, aza asiana fanovana,
Fa ampiharo izay voasoratra ao anatin'ny lalàna !

Ny amin'izay antontanisa, aleo hipetraka any aloha,
Fa ny hany zavatra takiana : malagasy no filoha.
Tsy sanatria 'zahay hoe kentrina na koa efa pahimpahina,
Fa izany no lalàna ka dia aoka hotanterahina !

Raha tsy izany no hitranga fa hitohy ireo amboletra
Ka filoha vazaha no aroso mba hoeken'ny rehetra,
Dia minoa fa tsisy hanaiky raha izay mbola malagasy,
Na handeha ny zera baomba, na hirefotra ny basy !

Fa filoha vazaha, tsy ekena, sady holavinay tsy miato,
Na hahodina ny vokatra na handeha ireo hala-bato.
Malagasy no filoha , izay ny anay no anentanana,
Raha tsy izay, tsy manan-kery izay rehetra fifidianana !

***DADAN'i ZINA (28-11-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ireo avy amin'ny Vovonana Ray aman-dreny ara-drazana eto Madagasikara, nitafa tamin'ny mpanao gazety, tetsy amin'ny Motel d'Antananarivo Anosy ny talata teo.






Ireo Vovonana Ray aman-dreny ara-drazana eto Madagasikara, nanao diabe teny amin'ny HCC Ambohidahy, sy teny amin'ny Ambasadin'i Frantsa Ambatomena ny talata teo.





Ny solontenan'ny vondron'ny kandidà 11 any Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony, nanao fanambarana mitsipaka ny voka-pifidianana feno hosoka sy tsy fahatomombanana maro.









## NY TENY FIAINANA

*"Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; ary ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina."*
***Ohabolana 9:10***

### Tournoi Open International Vétérans Andorre

# Nahazo medaly volamena Ratsimiziva Fetra

Nahazo medaly 3 ny Judokas Malagasy " Diaspora Malagasy de Judo", tany amin' ny fifaninanana «Tournoi Open International Vétérans Andorre » andiany faha-4, nokarakarain'ny « Fédération Andorrane de Judo », tao amin'ny « Centre sportif dels Serradells, Cra. de la Comella » tamin'ny sabotsy 25 novambra 2023 lasa teo. Ny sokajy veterans M1-M11 lahy sy vavy 30 taona ka hatramin'ny 84 taona tamin'ny sokajin-danja -48kg, -58kg, -57kg, -63kg, -70kg, -72, -78kg ary + 78 kg vehivavy sy sokajin-danja -60kg, -66kg, -73kg, -81kg, -90kg, -100kg ary +100kg lehilahy, no nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity. Ratsimiziva Fetra teo amin'ny sokajy -81kg nisy azy no nahazo ny medaly volamena tamin'izany. Teo amin'ny sokajy sokajy -66 kg nahitana "poule de 3" dia resy tamin'ny ady voalohany nataony "Golden score" i Miraho Sanda sokajy -60kg nefa dia nahazo fandresena kosa teo amin'ny lalao farany nataony, ka nibata ny medaly volafotsy. Teo amin'ny sokajy nisy azy koa dia mbola nahazo medaly volafotsy ihany koa i Rico na dia fiakarany tatami fanindroany tao anatin'ny 5 volana aza ity nataony ity.



*Ratsimiziva Fetra nahazo volamena tany Andorre.*

**Rainilita**

### Fifaninanana « Inter Section Atsinanana »

# Tafavoaka ho laharana faha-3 ny Asc Brickaville




*Asc Brickaville nandresy tao an-kianjany.*

Tafavoaka ho laharana faha-3 tamin'ny fifaninanana « Inter Section Atsinanana » ny Asc Brickaville, rehefa nandresy 3 – 0 ny ekipan'ny Ajeset Toamasina I tamin'ny alahady 26 novambra teo, tao amin'ny kianja monisipalin'i Brickaville. Tamin'ny 05 novambra 2023 lasa teo no tokony ho nanatanterahana an'ity lalao ity niaraka tamin'ny lalao famaranana an'io fifaninanana io, izay hifandrinan' ny Tia Spam Fc Mahanoro sy ny Fc Vatomandry, saingy izao nahemotra tamin'io alahady 26 novambra io izao. Ny lalao famaranana kosa dia hotontosaina any amin' ny kianja « Stade de Mahanoro » amin'ny alahady 03 desambra 2023 ho avy izao.

**Rainilita**

### Rugby lehilahy sy vehivavy

# Tontosa avokoa ireo "Match de Barrage" rehetra

Tontosa teny amin'ny kianja Makis tao anatiny sy tao amin'ny kianja ivelany avokoa, ireo lalao " Rugby Match de barrage "niisa 6, hoan'ny fifaninanana fiadiana ny "Coupe de Madagascar Homme 2023", sy ny " Championnat de Madagascar 2023 Dame D1 et D2 ", hahazoan'ireo ekipa nivoaka ho mpandresy avy, hiatrika ny dingana famaranana amin'ireo fifaninanana roa ireo. Hoan'ny " Barrage Championnat de Madagascar Dame D1 et D2" dia nifanandrinan'ny Ftvl Lalamaty sy Asut Université d'Antananarivo andaniny ary ny Sabnam Sabotsy sy Rosa Antohomadinika ankilany ireo fihaonana ireo. Ireo Vokadalao teo amin'ny "Coupe de Madagascar Homme 2023" koa : Ftba Andohotapenaka 22 – 27 Usa Ankadifotsy, Uasc Cheminot 24 – 27 Tfa Anatihazo, Tfma Ankasina 22 – 03 Stm Savonnerie, Tam Anosibe 37 – 17 Mang'Art Manjakaray.



*Match de barrage teny Andohatapenaka.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy épinard** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao rony izany na hatao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana natoralin'ny goty ny lasary angivy

Fanafana natoralin'ny goty ny lasary angivy, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Angivy au vinaigrette citron + oignon . Percil , tômaty... mety ihany koa.
Azon'ireo misy goty hanina matetika io lasary io.
Mety amin'ny diabetika ihany koa sy ny olona te hanadio rà ireny.
Angivy manta 250 g isa-kerinandro (in-1 isa-kerinandro) fotsiny .
Atao 5 herinandro ny traitement. Dia misotro rano mafana 3 vera isan'andro . Atao mamay tsara.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambalabe distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Tao aorian'ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 15 tao amin'ny distrikan'i Toamasina II, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 17 any amin'ny distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no hampahafantarina antsika amin'ny Mahaliana.
Ny tanànan'Ambalabe distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana. Renivohitry ny kaominina Ambalabe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Vatomandry. Ivaiva toerana ihany ity tanàna ity, satria 135 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Misy fokontany 5 ny kaominina Ambalabe. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any : mpamboly vary, anana sy legioma, jirofo, lavanila, kafe ny any antoerana. Misy koa ireo mpanao asa tanana.






MAHABO, MORONDAVA, BELO TSIRIBIHINA

# Mirongatra izay tsy izy ny asan-dahalo



*Dahalo tratra tany amin'ny faritra Menabe.*

Nandritra ny fampielezan-kevitra sy ny fifidianana ary mbola mitohy hatramin'izao, mirongatra ny asan-dahalo ato amin'ny faritra Menabe, indrindra fa ny ao amin'ny distrikan'i Morondava sy Mahabo ary Belo sur Tsiribihina. Trangana fanafihana roa isan'andro no heno, indrindra fa ny ao amin'ny kaominina Analaiva sy Ankilivalo, ka omby an-jatony no lasa isan'andro arahina vono olona sy fakana an-keriny vehivavy. Raha ny tranga nisy ny alin'ny talata hifoha alarobia dia fanafihan-dahalo miisa 5 no indray nitranga ka omby an-jatony no lasa tao amin'ny kaominina Analaiva, izay fanafihana 3 tamin'ny toerana 3 samy hafa : ny voalohany tamin'ny 11ora alina ary tamin'ny iray ora maraina sy tamin'ny roa ora maraiana, izay namoizana ain'olona ary tao amin'ny kaominina Bemanonga ny iray tao amin'ny fokontany Marofototra. Nisy fanafihana nahalasa omby kalesa roa koa tao amin'ny kaominina Bezezika ; toy izany hatrany no tranga nisy hatreto, izay efa niainana hatramin'izay, saingy nirongatra be nandritra ny fotoanan'ny fifidianana teo, ka manao antso avo ny vahoaka, satria na dia manao ny ainy tsy ho zavatra aza ireo mpitandro filaminana aty dia tsy afa-manoatra ary efa maro ireo mpitandro filaminana lavo amperin'asa, satria dia tratran'ny be noho vitsy, noho ireo dahalo maro sady efa mampiasa fitaovana mahery vaika mitovy amin'ny an'ny mpitandro filaminana, izay tsara ho marihina fa tsy fantatra hatreto hoe iza no mamatsy ireo dahalo, ankoatran'ireo basin'ny mpitandro filaminana lavon'ireo dahalo, ka lasan'ireo tsy matahotody ny fitaovana. Isan'ny mahagaga ny mpanao gazety aty an-toerana koa ny fomba fiasan'ny lehiben'ny mpitandro filaminana sasany, satria miezaka mamono afo ka mandefa vaovao amin'ireo mpanao gazety sasany ao Antananarivo milaza fa efa mirotsaka an-tsehatra manara-dia, saingy tsy hita ny vokatr'izany ary tsy mahazo vaovao avy amin'ny tompon'andarikitry ny filaminana mihintsy ny mpanao gazety aty an-toerana . Ny tena fototry ny olana anefa dia eo ny disadisam-piarahamonina ary indrindra ny tsy fahampian'ny mpitandro filaminana miasa aty amin'ny faritra, koa manao antso avo ny vahoaka hoe : avereno aty amin'ny faritra Menabe ny Colonel Faneva sy ny ekipany hiady amin'ny dahalo, fa tsy avela hiodinkodina eny amin'ny kianjan'ny 13 mey fotsiny. Nametraka fanontaniana moa ny olona hoe : tena hiaro ny vahoaka sy ny fananany marina ve ny mpitandro filaminana eto amintsika sa hiaro mpanam-bola sy ny fananany ? Tsy mbola misy vahaolana na fandraisana andraikitra hatreto ireo tompon'andraikitra aty an-toerana, fa dia toa mangina tanteraka : na ireo olom-boafidy, na ny olom-boatendry, fa dia ny vahoaka no mandry tsy lavo loha isan'andro. Hatreto dia miady irery ireo mpitandro filaminana eny ifotony, satria ny olombelona sy ny fitaovana tsy ampy, ka raha mba mitaraina dia famindran-toerana no valiny. Ny ben'ny tanàna sy ny solombavambahoaka dia tsy misy sahy miteny na mitaraina, satria matahotra ho esorina tsy ho TGV, ka tsy afaka mitondra ny loko volomboasary intsony amin'ny fifidianana manaraka eo raha hisy.

***Rajepa***

Manakara

# Navitrika tamin'ny tolo-tanana ho an'ny mpanakanto Dat'Kotry

Navitrika ny tany Manakara faritra Fitovinany tamin'ny fanaovana tolo-tanana, na telethon ho an'ny mpanakanto Dat'Kotry, izay marary mitsabo tena aty an-drenivohitra amin'izao fotoana. 2.709.343 Ariary no voaangona tany Manakara. Nitohy ny fitia tsy mba hetra tany Manakara ho fanohanana amin'ny fitsaboana an'i Dat'Kotry, tsaboina ao amin'ny Hopitaly Miaramila Soavinandriana Antananarivo. Hatolotra ny fiakanaviana ireo vola ireo, hoy ny mpikarakara. Ireto farany izay nilaza fa tsy nisy sakantsakana ny fanatanterahana ny Téléthon nataon'izy ireo tany an-toerana. Anisan'ny mpanakanto malaza amin'ny faritra Fitovinany sy Atsimo Atsinanana iny ity mpanakanto ity ary tsy any ihany, fa saika manerana ny Nosy ihany koa.

***Niaina***



*Tolo-tanana ho an'i Dat'Kotry tany Manakara.*

Fiba 3x3 Africa Cup 2023

# Lasa any Egypte ny Ankoay 3x3 lahy sy vavy




*Ankoay 3x3 Malagasy nanainga tetsy Ivato.*

Nanainga teny Ivato tamin'ny talata 28 novambra teo ho any Egypte, hiatrika ny fifaninanana « FIBA 3x3 Africa Cup – Cairo », izay ho tontosaina amin'ny zoma 01 desambra ka hatramin'ny 03 desambra 2023 ao amin'ny kianja « Complexe Sportive Caire Stadium » any Egypte ny Ankoay 3x3 lahy sy vavy 2023. Toy izao ireo fandaharan-dalao manokana hiseharan'ny Malagasy : Ankoay vehivavy 01 desambra 2023 (18h15 malagasy) : Madagascar # Maroc. 02 desambra 2023 (17h00 malagasy) : Bénin # Madagascar, (22h05 malagasy) : Madagascar # Kenya. Ankoay lehilahy 01 desambra 2023 (16h25 malagasy) : Madagascar # Maroc, (19h30 malagasy) : Kenya # Madagascar, 02 desambra 2023 (18h15 malagasy) : Bénin # Madagascar. Marihana fa azo harahina mivantana ao amin'ny « chaîne YouTube de FIBA3x3 » ireo lalao rehetra hiseho amin'izany.

***Rainilita***

Sendikalista sy ny asa

# Naaton'ny fitsarana ny famindran-toerana an'i Fama, SSM

Nitory teny amin'ny filankevi-panjakana ny sendikalista Fama Razafimahazo, sendikalista miasa ao amin'ny Antenimierandoholona, noho ny famindran-toerana azy misy ambadika politika. Nivoaka ny didy avy amin'izany fitsarana izany, nandresy ity sendikalista ity, naaton'ny filankevi-panjakana ny famindran-toerana azy, hiasa any Antsiranana faritra Diana. Didy nivoaka nandritra ny fotoam-pitsarana ny talata 28 novambra 2023 teo io tetsy Anosy. Nilaza ho afa-po tamin'ny didy ity mpitarika sendika eo anivon'ny Antenimierandoholona ity, izay sady Sekretera jeneraly lefitry ny SSM, na Firaisankinan'ireo Sendika eto Madagasikara. Aoka ajanona amin'izay ny antsojay amin'ny mpitarika sendika sy sendikalista rehetra, hoy Fama Razafimahazo, notronin'ireo sendikalista maro nandritra izany fotoam-pitsarana izany.

***Stefa***



*Ny sendikalista Fama R. (faha-4 avy ankavanana) tetsy Anosy.*

¼-dalana Coupe de Madagascar Rugby

# Hifanehatra amin'ny 3FB ny Tam Anosibe amin'ny alahady



*Ny ekipan'ny Tam Anosibe teny amin'ny kianja Makis.*

Miditra amin'ny lalao ampahefa-dalana amin'ny alahady 03 desambra 2023 ho avy izao, ny fifaninanana « Coupe de Madagascar de Rugby 2023 » ka mazava loatra, fa ny kianja Makis Andohatapenaka toy ny mahazatra hatrany, no mandray an'izany hetsika izany. Taorian'ny « match de barrage » natrehany tamin'ny alahady teo dia hifanandrina avy hatrany amin'ny ekipan'ny 3Fb Fahasalamana ny Tam Anosibe. Fandaharan-dalao 09:00-Usca Commune # Tfa Anatihazo, 11:00-Usa Ankadifotsy # Ftm Manjakaray, 13:00-Tam Anosibe # 3Fb Fahasalamana, 15:00-Cosfa Miaramila # Tfma Ankasina. Tsy miova ny vidim-pidirana (ankizy : 1000 Ar, lehibe : 3000 Ar, tribune 10.000 Ar).

***Rainilita***

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/11/2023 hatramin'ny 02/12/2023**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 79 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1501-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIDIRANA AMIN'NY VOLANA DESAMBRA**

# Misy tolotra miavaka amin'ny Tranombarotra Baolai

Rehefa manakaiky toy izao ny ny fetin'ny Noely sy taombaovao, dia ny kojakoja elektronika mandeha amin' ny rianaratra no tena mahasariaka ny besinimaro maneran-tany. Hiatrehana izany rehetra izany ampifaliana dia ao amin' ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely sy Soarano ary Bazar - be Toamasina, no ambohipihaonana. « Omenay fanomezana miavaka ireo izay mividy Smart tv sy télé led marika « Toshiba », izay laharana voalohany any Japon sy ny « Hisense » ( misy antoka 12 volana daholo). Tsy tambo isaina ihany koa ireo karazana entana izay azo hatao fanomezana tsara amin' izao vaninandro fety izao », hoy ny tompon ' andraikitra. Ao ny panneaux solaires mono sy polychristalline, machine à café à capsule, Laser Tv misy hatramin' ny 120" , machine à laver smart wi-fi, climatiseur, mini radio baffle bluetooth solaire, réfrigérateur miroir, table de mixage, congélateur ( izay mitazona ny hatsiaka ao aorian'ny delestazy), synthétiseur, friteuses sy four multi - fonction, subwoofer, four à gaz sy électrique, Ankoatran' izay dia misy fihenambidy miavaka amin' ireo « Jeyoo » ( misy antoka 1 taona) ao amin' ity Tranombarotra lehibe iray ity. Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo amin' ny pejy fb sy « site web »: baolai ary ao amin' ny 0333718888 ( amin'ny ora fiasana). Dia hahafinaritra tokoa ny fety maro ho avy miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».



*Entana maro samy hafa hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

***Aly***

Jono makamba

# Hikatona rahampitso 01 desambra ka hatramin'ny 29 febroary 2024

Hikatona hanomboka rahampitso 1 desambra, ka hatramin'ny 29 febroary 2024 ny jono makamba na patsabe na crevettes, manerana ny fari-dranomasin'i Madagasikara. Araka ny fanapahana navoakan'ny ao amin'ny ministeran'ny jono, voarara hanomboka amin'ny 01 desambra 2023 misasak'alina ny fanjonoana akamba, na makamba, na patsabe, na orandava, na TSITSIKA, amin'ny endriny rehetra manerana ny fari-dranomasin'i Madagasikara, ka hatramin'ny 29 February 2024 misasak'alina. Manana herinandro : hatramin'ny 08 desambra 2023 ireo misehatra momba izany hanao filazana ny tahiry eo an-tanany. Raha manao jery todika sahady ny tamin'ity taona ity, mitentina 15 miliara ariary ny vola niditra tamin'ny fanjakana avy amin'ny sehatry ny Jono makamba tamin'ity taona 2023 ity, raha toa ka latsaky ny 3 miliara ariary izany talohan'ny taona 2021. Ny vokatra isan-taona dia nahatratra 3600 t, ny naondrana tao anatin'izay dia 3240 t : 90% ny vokatra isan-taona. Ireo sambo mpanjono tao anatin'izany dia 43, ny mpanangom-bokatra olontsotra mandeha irery niisa 60, ary ny orinasa mpanangom-bokatra dia niisa 39.


***Aly***


*Vokatra makamba na patsabe.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 451**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0500)

**Mitsivalana**
- Miantoka
- AS – (G)ar(a)
- Namboly
- Dia – Nana
- Anilanao
- Kaki
- Akanga (miv)

**Mitsangana**
- Mandaka
- Isaina
- Maika
- Lig(y)
- Taona
- Lanja
- Kaina
- AR – Aoka

### TENY MIFANAPAKA N° 451




**Mitsivalana**

**1.** Karazana fitaterana **2.** Ajanona, tsy raisina – Ao amin'ny garana **3.** Tanjaka – Fara mandimby **4.** Ao amin'ny datin'andro **5.** Sakafon-jaza – Fototenin'ny fiarovana **6.** Heloka (miv) – Isa Romana **7.** Kianteny – Hazandrano **8.** Fonenanay **9.** Rano maloto **10.** Tsy mazava – Mikoriana ao anaty

**Mitsangana**

**A.** Lahatr'isa, nomerao **B.** Fanahin'ny maty – Hekitara **D.** Foko **E.** Karazam-y – Hita ao amin'ny garazy **F.** Mampisafidy – Karazana anana **G.** Nanakaiky (miv) **H.** Hita ao amin'ny fery sy ny ratra – Vahoaka **I.** Solontena – Renirano **J.** Nasondrotra **K.** Tsirin-teny Iharana – Soloina

### Valiny Teny mifanaraka 0500

**Mitsivalana**

**1.** Oviala - Man **2.** Lavo - Toaka **3.** Ora - Ato **4.** Mivahiny **5.** Fahadimy (miv) **6.** Hoe - Tamana **7.** Ro - Nak(a) **8.** Vaovao (miv) - Ila **9.** No - Anay **10.** Mpiasa (miv) - Ala

**Mitsangana**

**A** Olombelona **B.** Vary - Soa (miv) **D.** Vehivavy (miv) **E.** Ao - Ma (miv) - Ory **F.** Ahitra **G.** (V)at(o) - Mivoady (miv) **H.** Manao (miv) **I.** Matihanina **J.** Ako - Lalàna (miv) **K.** Na - Afaka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

**Ny vondron'ireo kandidà 11, nihaona tamin'ny Masoivohon'ny Vondrona Eoropeana sy ireo Ambasadaoro sasany ao aminy, teny Ankorondrano ny talata hariva teo.**













